17

# NY TSIRIN-TENY SARA-DROA

## TANJONA

- Manavaka ny tsirin-teny sara-droa amin'ireo tsirinteny hafa:
- Mamantatra ny karazantsirin-teny sara-droa misy amin'ny teny Malagasy amin'ny ankapobeny
- Mamantatra ny fiovana endriky ny fototeny ampanovonana sy ampanovanana

## LESONA HOTADIDIANA

**A. Famaritana**

Ny tsirin-teny sara-droa dia ireo tsirin-teny mipetraka eo aloha ary ao aorian'ny fototeny.

**B. Ny firafiny:**

vakiny tsy miova + Fototeny + tovana (-ana / -ina)

| Tsirin-teny sara-droa | Vakiny tsy miova | Fototeny | Fanita-pototeny na fanita-pototeny | Tovana | Teny |
|---|---|---|---|---|---|
| Φ ………-ana/ina | Φ | Resa (ka) | Φ | -ina | resahina |
| i-…-ana/ina | i- | faly >> i | Φ | -ana | ifaliana |
| | i- | vely >> e | z- | -ana | ivelezana |
| a …….. ana/ina | a- | tory >> i | Φ | -ana | atoriana |
| an-….-ana/ina | an- | rai | -d- -s- | -ana | andraisana |
| | an- | (s)oratr(a) >> t | Φ | -ana | anoratana |
| aha-…….-ana/ ina | Aha- | tonga | v- | -ana | ahatongavana |
| Anka - ….-ana/ ina | anka | hery >> e | z | -ana | ankaherezana |

**D.Ny fiovana rehefa mampiasa tovona**

Mitovy amin'ny fiovana ateraky ny fampiasana ireo tovona sy ny tovana ireo.

**Sahanasa 1**

Indro misy teny vitsivitsy :

Fahalebeazana, Fianarana, Resahina, Ijoroana, Anoratana

1.Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tsirin-teny ao anatiny.
2.Lazao ny karazana tsirin-teny hita isaka ny teny.

**Sahanasa 2**

Amorony teny amin'ny alalan'ny fampiasana tsirin-teny sara-droa ireto fototeny ireto.

Avy eo, ampiasao ao anaty fehezanteny ilay teny.

Jery: ………………………………………………………………………

Oty: ………………………………………………………………………

Anatra: ……………………………………………………………………..

Fantatra: ……………………………………………………………………

Reraka: ……………………………………………………………………..